Niteny zavatra i Mpaminany (S.A.W), ka hoy Izy manao hoe : “ Io dia amin’ny fotoanan’ny fanjavonan’ny fahalalana

Tatitra azo avy amin'i Zyad bin Labìd (R.A) Niteny ka Nilaza nanao hoe : Niteny zavatra i Mpaminany (S.A.W), ka hoy Izy manao hoe : “ Io dia amin’ny fotoanan’ny fanjavonan’ny fahalalana.” Hoy aho : “ Ry Iraka mahafatokin’i Tompo Allah ô, ahoana no hanjavonan’ny fahalalana, nefa isika mamaky ny CORAN ary ampianarintsika ny Zanakatsika ihany koa izany, ary ny Zanakatsika no mampianatra izany ny Zanany mandra-pahatongan’ny Andro farany ? Hoy Izy namaly hoe : “Loza ho an'ny Reninao ry Ziyad, Anao hitako anisan’ny manam-pahaizana indrindra eto Madina, moa tsy mamaky ny Torah sy ny Evanjil ve ireo Jiosy sy Kristianina ireo ? ” Nefa tsy mahay na inona na inona ao Aminy ? ! ".

[Marina ho an'ny hafa] [Notantarain’i Ibn Màjah]

Rehefa nipetrapetraka teo amin'ireo mpanaradiany i Mpaminany (S.A.W) dia Niteny hoe : Amin'io fotoana io esorina ka hanjavona eo amin'ny Olona rehetra ny fahalalana, Ka gaga i Zyad ibn Labÿd Al- Answary (R.A) ary nanontany an'ny Mpaminany (S.A.W), Hoy izy : Ahoana no hovery sy hanjavona eo aminay ny fahalalana? ! Nefa Izahay dia namaky boky masina Koroany, ary efa vitanay tsianjery avokoa izany, miania amin'i Tompo Allah Aho fa ho vakinay ary ampamakinay ireo vady aman-janakay, sy ireo taranaka mandimby Anay, Namaly i Mpaminany (S.A.W) amin'ny fahagagana ka nanao hoe : Nanahirana ny Reninao Ianao O ! Ry Zyàd! Izaho nievitra fa Ianao no anisan'ireo Manam-pahalalana ao Madina ! Avy eo nanazava i Mpaminany (S.A.W) hoe : fa ny fahaverezan'ny fahalalana dia tsy amin'ny fahaverezan'ny Koroany; fa ny fahaverezan'ny fahalalana dia ny tsy fanatanterahana ny asa, Fa io ny boky Torah sy ny Evandjily eo ampelatanan'ireo vahoaka ny jiosy sy vahoaka ny Kristianina, nefa akory tsy nazahoan'izy ireny fahasoavana izany, ary tsy nahatratra ny tanjony akory, izany dia ny fanaovana zavatra amin'izay fantany ihany no ataon'izy ireo.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/65045